



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha • Tanindrazana • Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-194

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA
NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-026/2021 TAMIN'NY 15 DESAMBRA 2021
«AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT
PARTIEL DU PROJET DE RENFORCEMENT ET D'INTERCONNEXION DES RESEAUX DE
TRANSPORT D'ENERGIE ELECTRIQUE A MADAGASCAR PRIRTEM I CONCLU LE 29
NOVEMBRE 2021 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET LA BANQUE EUROPEENNE
D'INVESTISSEMENT (BEI)»

Fivoriana Faha-6
Natao ny
Alatsinainy 23 Mey 2022
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: Ramatoa isany: -RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera
- RAHELIHANTA Jocelyne

FOTOANA: Alatsinainy 23 Mey 2022, tamin'ny 3 ora sy 55 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-026/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar PRIRTEM I conclu le 29 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI)»

Nitohy ny Alatsinainy 23 Mey 2022 tamin'ny 3 ora sy 55 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatontosa izany Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, Kestora Faharoa eto amin'ny Antenimierampirenena.

Rehefa avy nisaotra azy tamin'ny nanatanterahany izany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ary niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra momba izany.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, no nanatontosa izany ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia 18 Mey 2022 maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana, ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano ary ny Vaomieran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro, nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-026/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 29 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI).

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantam-bola sy Tetibola tonga nivory:

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. RAFIDIMANANA Narson
3. RANDRIAMANAMPISOA Alfred
4. ANDRIAMANATRIKARIVO Pierrot
5. RABENIRINA Maminiana Solondraibe
6. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
7. VONINAHITSY Jean Eugène

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano tonga nivory:

Andriamatoa isany:

- 1- RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- 2- RAFIDIMANANA Narson
- 3- ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot

Ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran' ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana tonga nivory:

Andriamatoa RALAMBOMANANA Fenoherintsoa

Ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro tonga nivory:

Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2- ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot

Ireo teknisiana solotenan'ny Minisitara:

Andriamatoa sy Ramatoa isany,

- | | |
|----------------------------------|----------------|
| 1. RAZAFINDRAMBOARIMANANA Hervé | DDP/DGT |
| 2. RAJAONA Ambinintsoa N. | DDP/DGT |
| 3. RAMIANDRASOA Sambatra | DGEH/MEH |
| 4. ANDRIAMANPARANY Stéphanie | SG/MEH |
| 5. RAHARISON Mirana | Coordo PRIRTEM |
| 6. RATSIAVAHANA Mbinison Dorette | DDP/MEF |
| 7. ANDRIANAIVOHERY Florence | DIR CAB |
| 8. RAMANANTSOA Rija | RIRTEM |
| 9. RAKOTOMALALA Dina Harinosy | DG Transports |

Rehefa avy nirahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nanambara ny teknisiana fa ny tetikasa PRIRTEM dia hampifandray ny tambazotran'ny herinaratra Antananarivo sy Toamasina izay mitondra "ligne électrique 220KV".

Mizara dimy (5) ny loharanon'ny famatsiam-bola araka izao manaraka izao:

- BAD 35 500 000Euro;
- BEI 81 300 000 Euro;
- KOREA EXIM BANK 40 900 000 Euro;
- Union Européenne 21 500 000 Euro;
- Fanjakana Malagasy 14 000 000 Euro.

Natao ity famatsiam-bola ity noho ireto antony manaraka ireto:

- Hanatsarana ny famatsiana ny herinaratra amin'ny faritra andalovany,
- Hampiakarana ny "taux d'accès" amin'ny herinaratra eo amin'ny faritra voakasika
- Hampihenana ny vidin'ny herinaratra amin'ny faritra,
- Mba tsy hiankinan-doha be loatra amin'ny "énergies fossiles" fa mba hampiasana ny angovo azo havaozina.

Ireo faritra andalovany dia Analamanga, Alaotra-Mangoro, Atsinanana. Misy "sous station" ao Moramanga sy Brickaville mba ahafahana mamatsy ireo toerana ireo. Hisy ihany koa ny fanaovana ny "électrification rurale".

Famatsiam-bola avy amin'ny BEI ity tetikasa ity izay mitondra "ligne côtière haute tension" Ranomafana-Toamasina, Antsampanana-Toamasina.

Nohamafisin'ny teknisiana fa mifanandrify sy mifameno amin'ny vinan'ny fampandrosoana ny firenena ity tetikasa ity.

Eo amin'ny lafiny ara-bola dia fampindramam-bola maharitra mandritra ny 25 taona ity findramam-bola ity, ka ny 4 taona voalohany tsy hamerenana zanabola. Ny tahan'ny zanabola dia 1,5%, izany hoe ity fifanarahana ity dia "semi concessionnel". Amin'ny ankapobeny dia azo lazaina fa tsy lafo ny famatsiam-bola avy amin'ny BEI.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory, ka nohamafisin'ny teknisiana fa ny Fanjakana dia miezaka hatrany mba tsy hisian'ny fahataran'ny fandoavana ny trosa.

Nampanantena ihany koa izy ireo fa amin'ny fotoam-pivoriana manaraka dia hoentina amin'ny antsipiriany ny «coût» ividianana ny herinaratra ao Volobe.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

Fanontaniana sy valiny:

- 1- Mbola mahazaka hitrosa an'io vola io ve ny Fanjakana Malagasy?
Manaja ny resaka «plafond d'endettement» ny fitondram-panjakana ka hatreto dia mbola tafiditra tsara ao anatin'izany ity PRIRTEM ity.
- 2- Misy ve ny «permis environnemental et social» amin'izao fametrahana tetikasa izao?
Efa andalam-pahazoana ny «permis environnemental» avy amin'ny ONE ny tetikasa amin'izao. Misy fandraisan'ny Fanjakana Malagasy anjara amin'ity tetikasa ity mba hanonerana ireo fananana, fambolena, toeram-ponenan'ireo mponina andalovan'ny tetikasa ka tsy maintsy ravaina.
- 3- Aloa indray mandeha ve ny trosa sa alefa tsikelikely arakaraka izay filàna?
Atao «décaissement» tsikelikely ny vola ka arakaraky ny vola «décaisser» no andoavana ny tahan'ny zanabola izay 1,5% isan-taona.

Izay vola efa voaverina dia tsy andoavana zanabola intsony. Toy izany koa ny vola mbola tsy nanaovana «décaissement».

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana, ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano ary ny Vaomieran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro, ny Volavolan-dalàna laharana faha-026/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Energie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 29 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI) ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa hiditra amin'ny fanitsiana tatitra ny mpivory; tsy mbola miditra amin'ny adihevitra aloha, fa ny tatitra no ahitsy raha misy an'izany ary avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao ny solotenan'ny Governemanta.

Samy tsy nanana fanitsiana mikasika ny tatitra na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Andriamatoa RAMAROSON Andry, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'Afo hanazava ny antonanton'ny volavolan-dalàna

Nambarany fa mbola ho avy koa ny PRIRTEM II sy ny PRIRTEM III aorian'izao PRIRTEM I izao, saingy ity tetikasa ity aloha no entina eto amin'ny Antenimierampirenena amin'izao fotoana izao.

Nomarihany fa tafiditra amin'ny Velirano faharoan'Andriamatoa Filohampirenena ity tetikasa ity sady ao anatiny ihany koa ny fampitomboana ho avo roa heny ny famokarana angovo eto Madagasikara. Izany hoe, tokony ho tafiditra any antokantranon'ny vahoaka Malagasy ny fanatsarana sy ny fahazoana angovo.

Nambaran'Andriamatoa Minisitry koa, fa tambazotra mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina ny PRIRTEM I. Ny PRIRTEM II kosa dia hampitohy an'Antananarivo sy Antsirabe saingy mbola ity PRIRTEM I ity aloha no resaka amin'izao fotoana izao.

Nomarihany, araka ny voalazan'ny tatitra teo, fa ahitana loharanom-bola miisa 5 ity tetikasa ity, ka ireto avy izy ireo: ny BAD dia nanome famatsiam-bola mitentina "35 500 000 Euro".

Ny BEI mamatsy vola “81 300 000 Euro”, ny an’i KOREA EXIM BANK, vola mitentina “40 900 000 Euro”, ny “Union Européenne”, 21 500 000 ary ny Fanjakana Malagasy kosa, vola “14 000 000 Euro” no anjarany.

Nomarihany hatrany, fa efa nandalo teto anivon’ny Antenimierampirenena tamin’ny taona lasa ity tetikasa PRIITEM I ity. Tamin’izay fotoana izay, ny BAD na ny “Banque Africaine de Développement” no namatsy vola azy; mbola tohiny izy ity, saingy ny BEI na ny “Banque Européenne d’Investissement” indray no mamatsy vola azy. Izany hoe, mizarazara ny famatsiam-bola.

Nambarany, fa miainga avy eto Antananarivo mankany Antsinanana no lalan’ny tambazotra vatsian’ny BAD vola, raha miainga avy any Ranomafana mankany Toamasina kosa no vatsian’ny BEI. Misy “sous station” miaraka amin’ity tetikasa vatsian’ny BEI vola ity, fa tsy andrinjiro sy tariby ihany.

Lehibe ny tetikasa, ka tokony hisy tobim-pamokarana miaraka aminy. Tsy ny PRIITEM no mamatsy vola izany, fa tamin’ny isika niresaka momba ny tetikasa tao Sahofika talohan’izao, nisy fananganana fotodrafitrasa, fa raha ny PRIITEM I indray dia i Volobe no resahana ao anatin’ny, izay hisy 120MW ny angovo ho azo raha vita ny fotodrafitrasa. Sarotra ny hitatitra io angovo io raha tsy ny PRIITEM I no hanaovana azy. Mifampiankina amin’ny tetikasa momba an’i Volobe teo aloha izy ity ary tsy ho lanin’ny Distrikan’i Toamasina irery ny angovo hovokarina ao aminy, fa hoentina manao ny “réseaux interconnectés” izay azo amatsiana Distrika hafa ihany koa. Izany hoe, afaka mifameno ny fotodrafitrasa raha sanatria misy fahatapahana ny sasany.

Mikasika ny fanamarihana momba ny “plafond d’endettement»: nambarany fa efa nandalo teto Madagasikara ny FMI na ny “Fonds Monétaire International”; vao avy tany “Washington” koa ny Filohampirenena ary niresaka tamin’ny “Banque Mondiale” sy ny FMI ny tenany. Araka ny tatitra voalaza nivoaka tamin’io fihaonana io no nanambaran’izy ireo, fa voasokajy ho anisan’ny firenena “sous endetté” i Madagasikara ka mbola maivana amintsika ny fandoavana trosa. Noho izany, tsy tokony hatahotra hitrosa vola tahaka izao isika noho ny halehiben’ny tetikasa hatao mba hanavotana an’i Madagasikara amin’ny sehatry ny Angovo. Nomarihany koa fa tsy hisy fisandratana ho an’ny firenena iray raha tsy matanjaka ny angovo ao aminy.

Momba ny orinasa JIRAMA kosa, mandalo olana lehibe tokoa izy. Amin’izao fotoana izao, efa mihoatra ny 1000 Ariary ny “coût de production” amin’io orinasa io kanefa amidy latsaky ny 450 Ariary ny vokatry avy ao aminy na ny 1KWh.

Raha tanteraka ity tetikasa PRIITEM ity dia hampiditra “énergies hydroélectriques” betsaka mba hoentina hanavotana Faritra maro, toy ny any Antsinanana sy ny manodidina azy.

Koa manainga antsika olom-boafidy, fa raha ankatoavinareo Solombavambahoaka ity tetikasa fampindramam-bola ity dia hisoratra amin’ny tantaran’i Madagasikara izany satria ny firenena mihitsy no ho tafita rehefa misitraka fotodrafitrasa lehibe tahaka izao isika.

Nambarany fa vonona hamaly sy hitondra fanampim-panazavana ny tenany raha mbola misy fanontaniana tian’ny Solombavambahoaka hapetraka.

Izay no namaranany ny fandraisam-pitenenany sady nisaotra ny rehetra koa Andriamatoa Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'Afo.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, Andriamatoa Mpitarika fivoriana sady nanambara, fa hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny Solombavambahoaka, ka ireto avy izy ireo:

- Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène,
- Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse,
- Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta,
- Ramatoa RASOAZANANIERA Marie Monique Ernestine,
- Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas,
- Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee,
- Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges,
- Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot,
- Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery,
- Andriamatoa RAKOTARISOA Rasoava Rija Jean,
- Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin,
- Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert,
- Ramatoa BAOFENO Micheline,
- Ramatoa VOAANGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette,
- Andriamatoa DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude Jhonny,
- Andriamatoa RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary,
- Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique,
- Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica.

Tamin'ny fandraisana fitenenana, nitambaran'izy ireo ny ahiahy hoe: sao tsy hanamora sy tsy hisy fiantraikany mivantana amin'ny fiainan'ny vahoaka Malagasy amin'ny resaka fanjifana angovo ity tetikasa ity rehefa vita soa aman-tsara.

Nangataka koa ny Solombavambahoaka andalovan'ny tetikasa ny Distrika nahavoafidy azy ireo, mba hisitraka fotodrafitrasa, amin'izay mba hisy fandrosoana any aminy.

Saika nankasitraka ny asa efa vita momba ny veliranon'ny Filohampirenena izay andraisan'Andriamatoa Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'Afo anjara lehibe ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana.

Tao ny naneho fisaorana noho ny fandraisan'Andriamatoa Minisitry ny antso antelefaonina ataon'ny Solombavambahoaka amin'ny famahana ny olana any aminy sy ny famaliana ny fitarainan'izy ireo momba ny resaka angovo.

Tokony hifampiresaka ny Minisitry amin'izay antso antelefaonina izay, satria misy ireo tsy mandray antso mihitsy, ka tsy mety amin'ny Solombavambahoaka ny zavatra tahaka izany. Nisy ny nanamarika fa tsy mifidy fotoana amin'ny fidinana ifotony koa ny tenany raha ny fotodrafitrasa tokony hatao no resahana.

Maro no nangataka ny hahazoana jiro fanampiny izay mandeha amin'ny herin'ny masoandro na "lampadaire" mba hisian'ny hazavana, ka hiteraka fandrosoana sy fandriampahalemana any amin'ny Distrika sy ny Kaominina izany raha azo atao.

Nisongadina ny fanamafisan'Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, ny tokony hanehoana ny "permis environmental et social" alohan'ny hanaovana ny tetikasa, indrindra koa ny tokony hampidinana ambanin'ny 450 Ariary ny vidin'ny 1KWh amin'ny herinaratra mba hahazoan'ny vahoaka tombotsoa rehefa vita ny tetikasa.

Nanamarika Andriamatoa RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary, fa raha momba herinaratra, hadinon'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoran'Afo tanteraka ny mandalo sy mamaha ny olana momba izany any amin'ny Distrikan'i Soanierana-Ivongo na efa nisy aza resaka nifanaovana teny anivon'ny Minisitara.

Ramatoa MICHELLE BAVY Angelica kosa niangavy an'Andriamatoa Minisitara, mba hijery manokana an'i Fénérive-Est momba ny fampiasana herinaratra ary naniry ny hisitrahana'ny Distrikany an'izao tetikasa izao.

Nanamarika Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert, fa tsy mikasika ny tetikasa no andraisany fitenenana, fa ny tokony hijeren'ny Minisitara ireo olona misompatra ny asan'ny JIRAMA. Izany hoe, misy andian'olona mamono ny jiron'ny JIRAMA, indrindra eny amin'ny "arrêt bus" ka miteraka fahatapahan-jiro sy tsy fandriampahalemana eto an-drenivohitra izany.

Nohamafisiny ihany koa fa saika lasa fangatahana avokoa no ataon'ny Solombavambahoaka, ka aleo miverina amin'ny "ordre du jour". Raha misy zavatra iangaviana an'Andriamatoa Minisitara, tokony ho any amin'ny biraony no hanaovana izany, fa tsy amin'ny fandinihana volavolan-dalàna toy izao.

Taorian'izay, niroso tamin'ny famaliana ny fanamarihana sy ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka, Andriamatoa RAMAROSON Andry, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'Afo, rehefa nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fitenenana.

Nanome fampanantenana ny tenany fa hidina ifotony, ka hijery sy hamaly ny fangatahan'ny Solombavambahoaka araka izay azo atao.

Nialatsiny koa ny tenany fa avy nandalo tsy fahasalamana ka izay no antony nahatonga ny tsy famaliana ny antso antelefaonina tao anatin'ny fotoana vitsivitsy. Amin'izao kosa, efa salama ka hiezaka ny hifandray amin'ny Solombavambahoaka, hijerena izay fampandrosoana tokony hatao.

Nambarany ihany koa, fa hiezaka hitsidika ireo Distrika naharaisana fitarainana ny tenany alohan'ny fankalazana ny fetim-pirenena ho avy izao.

Nomarihany talohan'ny namaranany ny teniny, fa tsy maintsy miakatra ny vidin'ny solika noho ny halafon'ny "baril" izay mitentina 120 Dolara amin'izao fotoana izao raha 55 Dolara no nividianana izany tamin'ny taon-dasa. Izany hoe, efa tokony hiomana amin'ny zavatra mety hiseho ny rehetra.

Teo ampamaranana ny teniny, fitaomana ny Solombavambahoaka no nataony mba handany ny volavolan-dalàna satria hitondra fandrosoana ho an'i Madagasikara amin'ny resaka angovon'aratra ity tetikasa ity.

Fisaoarana azy tamin'ny famaliana ny hetahetan'ny Solombavambahoaka koa no nasetrin'Andriamatoa Mpitarika fivoriana izany, taorian'izay.

Mbola nisy Solombavambahoaka nangataka fitenenana, ka nomena azy izany.

Nanambara Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, fa malahelo ny tenany noho ny tsy famalian'Andriamatoa Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'Afo ny fangatahana fihaonana taminy, kanefa izy no "Ministre coach" any amin'ny Faritra Melaky. Tsy rariny izany, koa mangataka fanazavana avy amin'Andriamatoa Minisitry raha azo atao.

Rehefa izany, nandray fitenenana, Andriamatoa Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'Afo ary nambarany fa noho ny tsy fahasalamana nandalo taminy no tsy nahafahany namaly ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka avy tany amin'ny Faritra Melaky izay iandraiketany. Nambarany koa fa ho avy hijery akaiky ny Faritra Melaky ny tenany ato ho ato.

Fisaorana no nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana azy, taorian'izay.

Tsy nisy Solombavambahoaka nandray fitenenana intsony ary nambarany, fa hiditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Nomarihan'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ahitana andininy roa ny volavolan-dalàna ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fandaniana fifanarahana iraisam-pirenena toy izao dia tsy azo kitihana ireo andininy ireo, fa na laniana na tsipahina na ahemotra ny fandaniana azy.

Nambarany ihany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 33 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nangataka fanemorana.

Rehefa izany, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-026/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Électrique à Madagascar PRIRTEM I*».

Taorian'ny fandaniana ny volavolan-dalàna, nomena fitenenana, Andriamatoa RAMAROSON Andry, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'Afo. Fankasitrahana ny Solombavambahoaka no nataony tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna.

Mariky ny fiaraha-miasa sy firaisam-po ho fampandrosoana an'i Madagasikara tokoa no misy eo amin'ny Mpanatanteraka sy ny Antenimierampirenena ary andro manan-tantara eto amin'ny firenena androany hoy, Andriamatoa Minisitry.

Nohamafisiny koa fa hanao izay tratra hanatanterahana ny velirano faharoan'Andriamatoa Filohampirenena ny tenany ary notsindriany fa tsy hisy Distrika hadino intsony amin'izao fotoana izao.

Vonona hiara-hijery vahaolana mba hanatsarana ny sehatry ny angovo eto Madagasikara ihany koa ny tenany.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry tamin'ny teny nataony koa Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany, koa ny Talata 24 Mey 2022 amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera handraisan'ny "Commission de l'Agriculture et du Développement Rural (Saisie au fond) sy ny «Commission Juridique (Saisie pour avis)» hotanterahina ao amin'ny «Salle BP»; handinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-020/2021 tamin'ny 24 Novambra 2021 «sur l'Agrégation Agricole». Ny tolak'andro amin'ny 3 ora, hisy ny fanaovana «Rapport de mission»: ny iray momba ny «51^{ème} Assemblée plénière du FP SADC du 22 Avril au 02 Mai 2022 à Johannesburg présenté par les membres de la délégation. Ny faharoa, «Travaux de la Commission de l'éducation, de la Communication et des Affaires Culturelles (CECAC); Travaux du Réseau des Femmes Parlementaires et du Réseau des Jeunes Parlementaires Papeete (Polynésie Française), du 19 au 22 Avril 2022 par la délégué de l'Assemblée Nationale» izay samy hatao ato amin'ny «Salle des Séances» avokoa. Koa manentana ny Solombavambahoaka rehetra mba havitrika amin'ny fanatrehana izany.

Niato tamin'ny 5 ora sy 25 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona